# Ilay Voa Tsara Nafafy 06 Novambra 2018

**6** **Talata**
novambra

**Nisy lehilahy maty tànana teo... Dia hoy Izy *(Jesosy)* tamin-dralehilahy : Ahinjiro ny tànanao. Dia nahinjiny ka sitrana ho tahaka ny anankiray.**
Matio 12. 10, 13

**Izay rehetra azon'ny tànanao atao dia ataovy amin'ny herinao.** Mpitoriteny 9. 10

**Tanana malemy**

Tena kilema lehibe tokoa izany hoe malemy tanana izany ! Voafetra dia voafetra ny fahazakan-tena, ary na ny zavatra faran'izy tsotra aza, dia manjary sarotra ny manatanteraka azy. Maro amin'ireo mpamaky no miaina izany isanandro. Ao amin'ny Filazantsara dia ahitana tantara-na lehilahy iray manana izany kilema izany. Nefa Jesosy nampanao azy zavatra tsy hainy atao : „Ahinjiro ny tananao". Nankatò avy hatrany ilay kilemaina, mba hanaporofoany ny finoany. Dia niverina amin'ny laoniny ny tanany. Niharihary tamin'ny rehetra ny fahasitranany tamin'ny fomba mahagaga.

Isika tsirairay, amin'izao toetrantsika izao, dia tsy afaka manao zavatra tsara ho an'Andriamanitra. Izany no hevipanahy ambaran'io tanana malemy io. Nefa ny fahasitranan'ny vatan'ity lehilahy ity dia azontsika ananana, dieny anio, ho an'ny fanahintsika. Mba hahatanteraka izany, dia tsy maintsy miantehitra feno amin'ny Tompo Jesosy isika. Izay manatona Azy amin'ny finoana, miaiky fa tsy mahefa na inona na inona, ary mandray Azy ho Mpamonjiny, dia manjary „olom-baovao" (2 Korintiana 5. 17). Tsy nahefa na inona na inona hahafaka ny tenany izy, nefa voavonjy ankehitriny noho ny fahasoavana, amin'ny alalan'ny finoana. Tonga olombelona vaovao izy, „voaforona tao amin'i Kristy Jesosy" mba hanatanteraka ireo „asa tsara, izay namboarin'Andriamanitra rahateo" (Efesiana 2. 8-10).

Ny tanantsika izay tsy nisy nilana azy teo aloha ary tsy nahay nanao na inona na inona, dia hain'i Jesosy ovaina ho tanana miasa, feno fanoloran-tena ary manasoa. Ny hanao soa, izany no ampirisihan'ny Tenin'Andriamanitra antsika ankehitriny (Galatiana 6. 10).